# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Jolay 2018

**13** **Zoma**
jolay

**Ny fon'ny marina mihevitra vao mamaly ; fa ny vavan'ny ratsy fanahy kosa miboiboika faharatsiana.** Ohabolana 15. 28

**Indro, ny fiavovon'ny antontan-kazo arehitry ny afo kely ! Ary afo ny lela.** Jakoba 3. 5, 6

### Zavatra kely mitarika vokatra lehibe

Lohataona izao any amin'ny tany sasany, ary saika isanandro no misy doro ala mandevona zavatra maro. Na eo aza ny ezaka fampahafantarana ataon'ny haino aman-jery, dia firifiry moa ny tsy fitandremana mbola hitarika fahasimbana ala amina hektara maro, ary angamba aza hamoizana ain'olona mihitsy ! Tapa-tsigara kely monja, atsipy avy eny am-baravarankely, dia mety hiteraka loza lehibe.

Ampiasain'ny Baiboly izany kisarisarin'ny firehetan'ny ala izany, mba hitaomana antsika hitandrina ny teny avoakantsika. Samy efa niaina ny voka-dratsy aterany avokoa angamba isika : mety mandratra tokoa ny fifosana na ny fitenenan-dratsy, kanefa koa ny teny dia afaka mampionona na mampitony. „Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy ; fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana... Endrey ny hatsaran'ny teny atao amin'izay andro mahamety azy !" (Ohabolana 15. 1, 23).

Ry kristiana, ny tenintsika dia re, averimberina, indraindray tsy azo tsara na ovàna, ary tsy hay refesina ny vokatra aterany. Mety hiteraka fahavoazana „lehibe" ny teny „kely" atao. Koa aoka isika hitandrina ary hahatsiaro ny tenin'ny apostoly : „Raha misy olona tsy mba tafintohina amin'ny teny, dia izy no lehilahy tanteraka ka mahafehy ny tenany rehetra koa" (Jakoba 3. 2).

Aoka koa isika hitandrina mba tsy ho fitaovana mampiitatra ny afo. Aoka tsy ho faly hanongilan-tsofina amin' izay rehetra henontsika, indrindra raha fitsikerana na zavatra ratsy izany. „Raha tsy misy kitay intsony, dia maty ny afo ; ary raha tsy misy mpifosafosa intsony, dia mitsahatra ny fifandirana" (Ohabolana 26. 20).